# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Jona 2018

**18** **Alatsinainy**
jona

**Ny adala manao anakampo hoe : Tsy misy Andriamanitra. Manao izay ratsy sy vetaveta izy ; tsy misy manao ny tsara… Tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza.** Salamo 14. 1, 3

**Fa Jehovah no Andriamanitra tokoa, eny, Izy no Andriamanitra velona sy Mpanjaka mandrakizay.**
Jeremia 10. 10

**Iza no maty ?**

Teo amin'ireo rindrin'ny fiatoana fiarandalamby mandeha any ambany tany (métro) any New-York (Etazonia), dia nisy nanoratra hoe : „Maty Andriamanitra." *Nietzsche*.

Izany fiteny malaza izany dia tsy inona fa firehan-kevitra niserana ihany, nijoroan'io filôzôfa alemana io, izay namolavola ny rafi-pisainany manontolo tamin'ny fandavana an'Andriamanitra.

Andriamanitra anefa no loharanon'ny aina ary tsy afaka ny ho faty. Ao amin'ny Testamenta Taloha Izy dia maneho ny tenany ho Ilay Jehovah, izany hoe Ilay manana aina tsy nanampiandohana ary tsy hanam-piafarana.

Tsy nieritreritra ny nahafatesan'i Jesosy Kristy teo amin'ny hazofijaliana tsy akory i Nietzsche, raha nanambara fa maty Andriamanitra. Kristy moa, nitsangana tamin'ny maty rahateo ! Fa nitady ny hanafoana izay rehetra mety ho fiheverana an'Andriamanitra izy. Nefa dia zava-dehibe fototra io nahafatesan'i Jesosy io : io no fomba nahafahan'Andriamanitra nametraka fifandraisana velona amin'ny olona tsirairay.

Andro vitsivitsy tatỳ aoriana, teo ambanin'io soratra io, dia nisy soratra vaovao hoe : „Maty i Nietzsche." *Andriamanitra*.

Tsy iadian-kevitra io fanambarana faharoa io. Maty i Nietzsche tamin'ny aogositra 1900. Ao Röcken any Alemaina ny fasana ilevanany. Tsy izy irery tsy akory no voakasiky ny fahafatesana. Ambaran'ny Baiboly fa ny olona dia notendrena ny „ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana" (Hebreo 9. 27). Fotoana mampivarahontsana izany, ho an'ireo izay maty tsy nanana an'Andriamanitra, rehefa hiseho eo anatrehan'Ilay Mpitsara faratampony izy ireo, mba hiaiky fa nanafoana an'Andriamanitra teo amin'ny fiainany !

Fa ho antsika mbola velona kosa, dia fotoana izao hahafantarana fa velona Andriamanitra ary vonona ny hifandray amintsika tsirairay.